**Làlana iray…. fihaonana… zava-baovao … safidy iray**
**Mianatra mandanjalanja**



Izaho no zokiny aminay 3 mianadahy. Nilomano tao amin'ny fiainam-pionoana izahay. Nampian'ny fihaonana tao amin'ny Fiangonana izany tamin'ny alàlan'ireo harem-panahy isan-karazany : fikambanan-drelijiozy apôstolika sy mibanjina, ireo fiainam-boatokana amin'ny endriny vaovao… Teo amin'ny faha 13 taonako taorian'ny sakramentan'ny fankaherezana dia nanao katesizy. Taorian'izay nifanerasera tamin'ny sehatra mikarakara ny fiantsoan'Andriamanitra. Notantanan'ny relijiozy vavy iray izay anatin'ny fikambanana ignasianina. Noho izy no nahafahako namantatra sy nandalina ny fiainam-panahy araka an'i Md Ignasy.

Miankina amin'ny zava-misy ny fandanjalanjana. Rehefa misy fanapahan-kevi-dehibe horaisiko dia tiako ny misaina sy mandanjalanja araka ny torolalan'i Ignasy. Miditra an-tsehatra amin'izay ny maha izy ahy iray manontolo : ny vatako, ny harerahana dia famantarana iray ho ahy ankoatra ny tsy fahasalamako, manampy ahy hahalala ny làlana tsara na ratsy : mahita tory avy hatrany aho raha safidy tsara ; ny saiko mampifandanja ny mampety na tsia ny safidy ary mandrefy ny vokany ho ahy sy ny hafa ; ny fanahiko amin'ny fanarahana ireo ohatra omen'ny Fiangonana.
Manana vatana tsy reraka, saina tony sy fanahy tsy mirona atsy na aroa araka ny fampianaran'ny Fiangonana ; no vokatry ny fanapahan-kevitra tsara.
Ny fampianaram-panahiny ignasianina nampianatra ahy hahalala ahoana no hamantatra ny fandraisana fanapahan-kevitra mifandraika amin'ny maha izaho ahy mba tsy hanenina.

Nahafantatra an' i Md Ignasy aho nandritra ny fiofanako tao amin'ny novisia, tamin'ny famakiana ny 'tantaran'ny mpivahiny'. Tena tsy mora ny ady natrehina. Tamin'ny fotoana voalohany tsy tiako ilay tantaram-piainana izay noheveriko tsy dia mitombina loatra. Fa rehefa nojereko akaiky dia nanomboka tiako. Ho ahy nitantara ny tafahoatra loatra izay nitarika azy handinika sy hamakafaka lalina i Ignasy.Tiako ny fiafaran'ny tantara satria ahitako ny tsiron'ny fiainana tony. Miatrika mandrakariva an'Andriamanitra izy isaky ny maka fanapahan-kevitra lehibe mba tsy ho an'ny fironana tafahoatra ny vatana sy ny fanahy trotraka.
Ignasy sy ny fiainam-panahiny ho ahy dia torolàlana ho an'ny fiainana andavanandro ho an'ny fanapahan-kevitra madinika na lehibe.



***Masera Elisabeth MADIKA***